



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana • Fariandroana • Fandrosoana



REPUBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROÀ

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROÀ  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-279

**FIFIDIANANA IZAY HO FILOHA LEFITRA MISAHANA NY FARITANIN'ANTANANARIVO**

Fivoriana faha-7  
Natao ny  
Alakamisy 7 Desambra 2023  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - RAHELIHANTA Jocelyne  
- RAHATANIRINA Lalao

**FOTOANA:** Alakamisy 7 Desambra 2023 tamin'ny 11 ora, 30 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana izay ho Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo.

Nivory Alakamisy 7 Desambra 2023 tamin'ny 11 ora, 30 minitra, atoandro, ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana, Ramatoa Filoha dia nijaraha ny mpivory ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambonny.

Taorian'izay, niangavy an-dRamatoa Mpitantsoratra ny tenany hanao ny fiantsoana anarana. Nanatanteraka izany, Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany, Ramatoa Filoha dia nanambara fa misy volavolan-dalàna miisa roa tonga eto amin'ny Antenimierampirenena, mitondra ny laharana faha-022/2023 tamin'ny 4 Oktobra 2023 «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2018-043 sur la lutte contre le blanchement de capitaux et le financement du terrorisme», ahitana andininy miisa 22 sy ny laharana faha-024/2023 tamin'ny 18 Novambra 2023 «portant Code du travail», ahitana andininy miisa 395.

Raha izao fandehany izao no dinihana, tsy ho tratra amin'ity fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa ity ny volavolan-dalàna momba ny "Code du travail" satria be loatra ny andininy mila fandiniha ao aminy, kanefa ny fotoana efa tery dia tery. Izany hoe ahemotra amin'ny fotoam-pivoriana manaraka, fa ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2023 kosa hodinihana amin'izao fivoriana izao satria mbola manana fotoana kely ny Antenimierampirenena amin'ny Talata 12 Desambra 2023. Koa ny maraina amin'ny 10 ora no hatao ny asam-baomiera ary ny Alarobia 13 Desambra amin'ny 10 ora, maraina kosa no handraisana fanapahan-kevitra momba azy.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa manan-danja izy io satria miankina aminy noahazoana fampindramam-bola avy any ivelany. Izany hoe, ny fahalanian'ity volavolan-dalàna ity no ahatokisan'ny mpampindram-bola an'i Madagasikara.

Taorian'izay, nambarany fa handraisana fanapahan-kevitra ny hampidirana an'io volavolan-dalàna io ao anaty fandaharam-potoana araka ny daty voalaza teo aloha sy ny hanemorana ny volavolan-dalàna laharana faha-024/2023.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 70 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny hampidirana ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2023 ao anaty fandaharam-potoana sy ny hanemorana ny volavolan-dalàna laharana faha-024/2023.

Taorian'izay, nampahatsiaviny fanindroany ny fandaharam-potoana araka ny voalaza tany aloha ary niangavy ny Mpitantsoratra koa, Ramatoa Filoha, hamaky ny andininy faha-16, andalana voalohany, faha-2, faha-3, faha-4, faha-5, faha-6 ary ny andalana faha-9 izay mifanaraka amin'izao fifidianana hatao izao.

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne no namaky izany, ka toy izao no fivakiny amin'ny teny frantsay:

«Article 16.- Les autres membres du Bureau sont élus, pour la durée de la législature, au cours des séances qui suivent l'élection du Président.

Le scrutin a lieu séparément pour chacune de ces fonctions.

Les candidatures doivent être déposées au Secrétariat Général de l'Assemblée, au plus tard trois heures avant celle fixée pour l'ouverture de chaque tour de scrutin. Si à l'ouverture de la séance aucune contestation n'a été soulevée, il est procédé sans autre formalité au scrutin. En cas de contestation, la séance est suspendue, et le scrutin ne peut avoir lieu qu'une heure après.

Pour l'élection des autres membres du Bureau, le Président est assisté des six plus jeunes membres de l'Assemblée, non candidats qui remplissent les fonctions de secrétaires. Ils contrôlent les appels nominaux et le dépouillement du scrutin. Il est aidé par deux scrutateurs, non candidats au Bureau Permanent, désignés par l'Assemblée nationale.

L'élection des autres membres du Bureau Permanent est proclamée par le Président de l'Assemblée nationale. Ce Bureau Permanent entre immédiatement en fonction.

En cas de vacance, il est pourvu au remplacement selon la même procédure.

Le bulletin unique ne doit faire apparaître aucun autre signe apparent ni numéro de série».

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiany an'izay andinindalàna izay Ramatoa Filoha sady nampahatsiahy ihany koa, fa ny Filoha Lefitra nisahana ny Faritanin'Antananarivo dia nodimandry tamin'ny 10 Novambra 2023 lasa teo. Izany hoe, ho fampiharana ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no antony anaovana izao fifidianana izao.

Nomarihany fa nisokatra omaly atoandro ka hatramin'izao maraina izao ny fametrahana ny taratasy filatsahan-kofidina ho amin'izany toerana izany. Amin'izao fotoana itenenana izao, miisa roa ny Solombavambahoaka kandida nametraka izany eto amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, ka ireto avy izy ireo, Andriamatoa isany:

- - RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, voafidy tao amin'ny Boriboritany Faha-V, Antananarivo Renivohitra.
- - RAFIDIMANANA Narsion, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antanifotsy.

Niangaviany ny kandida na izay Solombavambahoaka solotenan'izy ireo mba hilaza fohifohy ny momba ny mpilatsaka hofidina.

Nambaran'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, fa Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera no hanolotra an'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, ka toy izao no nambarany:

Famintinana fohy momba Ny Solombavambahoaka RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, ho Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo.

- Ny Solombavambahoaka RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina na Naivo RAHOLDINA dia manana ny filamatra hoe: Kabary arahin'asa no ahitana vokatry. Niainga tamin'ny Filohan'ny FAFI V, Fikambanana Mpanao Asa Soa na Fampandrosoana ny Firaisana isam-pokontany ao amin'ny Boriboritany faha-5 izy nanomboka tamin'ny taona 2007.

Manambady an-dRamatoa RAKOTOMANANA Hanitriniala Fanantenana, Filohan'ny Fikambanana Mpanao Asa soa "Fanantenana FAFI V" ary Manan-janaka kambana mianadahy. Zanak'Antananarivo izy, avy eny VOHITRA Ambohijoky, Antsahadita Atsimondrano.

- Krisitiana avy ao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy, Mpikabary, Mpanoratra, Poeta.
- Manandratra ny maha Malagasy tao anatin'ny FIMPAMAMA.
- Mpikambana ao amin'ny Akademia Malagasy.
- Mpiasam-panjakana ambony tao amin'ny Sampandraharahan'ny Fananan-tany Anosy.
- Nampianatra tao amin'ny Sekoly Ambony SAMIS-ESIC Saint Michel AMPARIBE (Sekoly Ambony momba ny Hita sy ny Serasera na «Ecole Supérieure de l'Information et de la Communication»).
- Mpanao politika, Mpikambana tao amin'ny Filankevitra Ambonin'ny Tetezamita na CST tamin'ny alalan'ny ankolafy RAJOELINA na UDRC (Union des Démocrates et Républicains pour les Changements).
- Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananan-tany tao amin'ny SENAT.
- Tao anatin'ny vondrona politika miaraka amin'ny "Président" Andry RAJOELINA na MAPAR sy IRD.
- Kandidan'ny MAPAR tety amin'ny Boriboritany faha-V tamin'ny fifidianana Solombavambahoaka ny taona 2023 sy ny taona 2019.
- Lany Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-V nandritra ny "2 mandats" (2013-2019).

- Filohan'ny Vaomiera Mpanadihady mikasika ny olana momba ny Fananan-tany mandraka ankehitriny. Nahavita tolo-dalàna mikasika ny boky rivotra, momba ny mpandrefy tany mahay (géomètre assermenté).
- Anisany nitarika tamin'ny hetsiky ny "73 Députés" teto Antananarivo.

Ankehitriny, ny Solombavambahoaka Naivo RAHOLDINA dia atolotry ny IRD izay maro an'isa ato amin'ny Antenimierampirenena ho Filoha Lefitry ny Faritanin'Antananarivo. Izy dia efa fantatsika amin'ny filamatra "Miaro sy Manasoa Vahoaka". Iza amintsika no tsy mahaiala an'izany Naivo RAHOLDINA izany amin'ny fiarovana vahoaka amin'ny resaka ady tany sy ny tsindrihazolena. Betsaka ny vahoaka efa nahazo tombontsoa avy taminy manerana an'i Madagasikara, indrindra teto Antananarivo.

Mpanao politika tsy mba mpivadibadika fa miaraka amin'ny Filoha Andry RAJOELINA hatrany nanomboka ny taona 2009, rehefa volomboasary hoy izy dia volomboasary.

Anisany manandratra ny Faritanin'Antananarivo amin'ny kolotsaina iangaliany sy amin'ny maha zanak'Antananarivo azy.

Koa manasa antsika Solombavambahoaka tsy an-kanavaka mba hifidy ny Solombavambahoaka Naivo RAHOLDINA, voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-V, fa sady manana traikefa amin'izany izy, manana "charisme" afaka hanandratra ny Faritanin'Antananarivo, tsy ho mena-mitaha amin'ny maha Antananarivo azy. Afaka hampiray ny lafy 4: Faritra Analamanga, Faritra Itasy, Faritra Bongolava ary ny Faritra Vakinankaratra; indrindra indrindra, hampihavana ny samy Malagasy, samy zanak'Antananarivo satria tsy ny Solombavambahoakan'ny Antoko no havoaka, fa ny ho Solombavambahoakan'ny Tena Vahoaka.

Aza misalasala hifidy an'i Naivo RAHOLDINA, fa tsy anenenantsika izany.

Ny toky fitaka fa ny atao no hita ary sao varivarian'ny lavitra ka tsy mahita ny ambany maso.

Misaotra Tompokolahy  
Mankasitraka Tompokovavy

Taorian'izay, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore no nanolotra ny kandidà RAFIDIMANANA Narson, ka toy izao no nambarany:

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson dia Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Antanifotsy, ao amin'ny Faritra Vakinankaratra izay Faritra iray mandrafitra ny Faritanin'Antananarivo. Izy no antony ilatsahany amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny ho Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo izao.

Fantatra fa izany andraikitra amin'ny maha Filoha Lefitra izany dia mitaky fepetra maro. Voalohany amin'izany, manome tànana sy tan-tsoroka an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena amin'ny andraikitra sahaniny.

Noho izay antony izay, tsara ho fantatra fa rehefa avy nandranto fianarana tao amin'ny sekoly "Stella Maris" sy ny "Lycée RABEMANANJARA" tany Toamasina ny tenany dia lasa nanohy fianarana tany ivelany tao amin'ny "Ecole de Commerce de Paris" izay nahazoany mari-pahaizana ambony. Taorian'izay, niverina teto an-tanindrazana ary nanao fandraharahana. Izany hoe, mpandraharaha ny no niandohany ary rehefa tonga ny taona 2005, niditra tamin'ny sehatra politika ny tenany. Ny andraikitra nosahaniny voalohany dia ny fiadidiana ny Kaominina Ambony Vohitra tany Toamasina, izany hoe voafidy ho Mpanolotsain'ny Kaominina niandraikitra ny "Adjoint au Maire".

Nitohy hatrany ny fandraisana andraikitra sy ny fidirana an-tsehatra teo amin'ny politika, ka taty aoriana dia lasa Minisitra ary nitondra Minisitera miisa efatra. Ny iray tamin'ireo dia Minisiteram-panjakana na "Ministère d'Etat". Izany hoe, andraikitra ambony no nosahaniny, ka azo lazaina fa manana traikefa ny tenany. Ireo no antony ilazana, fa ho vitany soa aman-tsara ny andraikitra amin'ny maha Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo.

Raha ny maha Solombavambahoaka azy kosa, voafidy tamin'ny lisitry ny Mahaleotena na "Indépendant" ny tenany. Izany hoe misokatra amin'ny rehetra na Iray Dia no nahalany azy tao amin'ny Distrikan'Antanifotsy. Olom-pirenena Malagasy mahalala an'i Madagasikara iray manontolo, mifanerasera sy mivoy ny kolotsaina rehetra eto amin'ny Nosy. Izany hoe, tsy ahiana hanavaka loko politika sy lokom-pirazanana amin'ny andraikitra hosahaniny eto amin'ny Antenimierampirenena, fa amin'ny maha Solombavambahoaka feno no anaovany izany amin'izao firotsahany hofidina izao.

Amaranana azy, manentana ny namana mba hifidy azy satria raha hisehatra amin'izany Birao Maharitra izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson dia hohita soritra ny maro loko an'ity Andrimpanjakana ity sady taratry ny fahasamihafana eto amintsika koa izany.

Misaotra Tompokolahy.  
Mankasitraka Tompokovavy.

Rehefa izany, nisaotra ireo Solombavambahoaka nanolotra ny kandida roa natao teo, Ramatoa Filoha.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka ary nohazavainy koa ny ho fizotran'izany. Antsoina ny anaran'ny Solombavambahoaka handroso eny anoloana haka ny taratasim-batom-pifidianana (bulletin unique), mankao amin'ny efitrano fisainana (isoloir), marihana amin'ny faritra mifanila misy ny anarana izay olona hofidina; rehefa vita izay, alatsaka ao anaty vata mangarahara eo anoloana ny vato.

Nanao satroka Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina ka nomena fitenenana ary nambarany fa tsy tokony hitondra finday ao anaty "isoloir" ny Solombavambahoaka rehefa haneho ny safidiny.

Rehefa izany, nanamarika Ramatoa Filoha, fa amin'ny fanomezana "procuration" amin'ny fifidianana tahaka izao, Solombavambahoaka iray ho an'ny "procuration" iray araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Niangavy Solombavambahoaka miisa efatra koa ny tenany talohan'ny fifidianana hanao ny fanaraha-maso ny fandatsaham-bato, ka ireto avy izy ireo, Andriamatoa isany:

- ASSIMO Bruno
- RAKOTOARISOA Rasoava Rija Jean
- RAKOTOMALALA Miarintsoa A
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka, ka Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne no niantso azy ireo handatsa-bato.

Rehefa vita ny fandatsaham-bato dia niroso tamin'ny fanisam-bato ary mbola ireo Solombavambahoaka miisa efatra voalaza anarana etsy ambony no nanao ny fanisam-bato. Toy izao no vokatry tamin'izany:

Isan'ny Solombavambahoaka voasoratra anarana: 151

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 132

Vato maty: 00

Vato fotsy: 00

Vato manan-kery: 132

- Vato azon'Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina: 74

- Vato azon'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson: 58

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ho Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina ary niarahaba sy nirary fahombiazana ho azy amin'ny adidy lehibe hosahaniny ny tenany.

Rehefa izany, nomena fitenenana, RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, fisaorana an'Andriamatoa Filohampirenena Andry RAJOELINA nanome tsodrano azy tamin'ny firotsahany hofidina amin'ny toeran'ny Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo ny tenany.

Nisaotra ny mpikambana rehetra ao amin'ny Birao Maharitra koa ny tenany. Tsy latsa-danja amin'izany, ny fisaorana an'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD sy Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, Kestora Faharoan'ny Antenimierampirenena.

Fankasitrahana ny Solombavambahoaka nifidy azy tamin'ny fahalaniany amin'izao toerana izao no namaranany ny teniny.

Nanao satroka Andriamatoa SATRA Augustin ka nomena fitenenana; nomarihany fa tsy mikasika izao fifidianana izao ny zavatra holazainy saingy hotenininy ihany. Manararaotra milaza amin'ny namana Solombavambahoaka voakasiky ny tetikasa "MADARAIL" mba hijanona aorian'izao fifidianana izao fa hisy fivoriana hatao.

Talohan'ny hiatooan'ny fivoriana, nampahatsiahy Ramatoa Filoha, fa araka ny taratasy novakiana teto omaly, mitondra ny laharana faha-236-2023 PM/SGG tamin'ny 6 Desambra 2023 nanambara fa tsy ho tonga hanatrika ny "séance des questions au Gouvernement" ny mpikambana ao amin'ny Governemanta saingy vonona izy ireo handray ny fanontaniana an-tsoratra avy amin'ny Solombavambahoaka ka hovaliany an-tsoratra ihany koa izany. Ny fanontaniana dia apetraka ao amin'ny "Service des Relations avec les Parlementaires" rahampitso Zoma 8 Desambra 2023. Hampitaina any amin'ny Governemanta izany amin'ny Alatsinainy 11 Desambra 2023.

Niato tamin'ny 1 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**

Corele® PDF FUSION™